# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

## Zoma 28 aogositra 2026 – Filan-kevitry ny Minisitra ampitain-davitra

## I. FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana tombontsoa momba ny taona iasana ho an'ireo mpiasan'ny Hery Fiarovana sy Filaminana nandray anjara tamin'ny hetsika "Varira", hiadiana amin'ny fanondranana olona mandritra ny taona 2026.

**MINISITERA MISAHANA NY FANAVAOZANA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanohizana ny fanatanterahana ny Fanavaozana isan-tsehatra.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKINIKA SY FANOFANANA ARAKA ASA + MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANTSA + MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampidirana ny taranja fanabeazana ho olom-pirenena vanona ao anatin'ny rafitry ny fanofanana araka asa.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny fandoavana ny latsakemboka isan-taona an'i Madagasikara eo anivon'ny Fikambanana iraisampirenena momba ny Sakafo sy ny Fambolena *(FAO)*.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny Hetra amin'ny Tombam-bidy *(TVA)* sy ny Hetra ary ny Adidy amin'ny Fanafarana, ao anatin'ny Tetikasa *Incuboost* "Fanohanana ireo ivon-toerana mpanohana ny Fandraharahana eto Madagasikara".

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fividianana "*remorqueurs" ASD* anakiroa sy "*vedette de pilotage*" iray entina mampandroso sy manavao ireo andian-tsambon'ny SPAT, ary hanolorana ihany koa ny tatitra momba ny fifampiraharahana nataon'ny *Saudi Excellence* Co izay angatahana ny fankatoavan'ny Filan-kevitry ny Minisitra mba hahafahana manao ny fifanarahana.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana ankapobeny *"Aval de principe"* amin'ny fananganana Ivon-toerana Mitambatra misahana ny Angovo ho an'ny Seranan-tsambo, izay antsoina vonjimaika hoe *«SPAT Energy»*, natokana ho an'ny Seranan-tsambon'i Toamasina sy ny Sehatra Mitambatra ara-pitaterana sy ara-pampitaovana ary ara-tseranan-tsambon'i Tsarakofafa (PMLPT).

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana mifandraika amin'ny fifanarahana momba ny asa sy ny tolotra natao tamin'ny mpanazatra Corentin Martins DA SILVA sy ireo mpanampiny ho an'ny taona 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana mifandraika amin'ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny Tompondakan'i Afrika taranja Karate 2026, ny 6 ka hatramin'ny 13 septambra 2026 any *Alger, Algérie.*

## II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

- Nolanina ny didim-panjakana hamerana ny fetran'ny isan-jaton'ireo saram-pampandehanan-draharaha mitaha amin'ireo loharanom-bolan'ny Tahirimbola Faratampony Malagasy na FSM.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA**

- Nolanina ny didim-panjakana hamaritana ny fananganana, ny andraikitra, ny fandrindrana ary ny fampandehanana ny Kaomity Nasiônaly ho an'ny fitarihana ny "Fandaharanasa amin'ny Fifanaraham-piaraha-miasa ho an'ny Firenena Malagasy 2026-2030" *(COPIL-PCP).*

### MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nolanina ny volavolan-dalàna manendry ny mpisitraka ny tolotra fifaninanana ho amin'ny fampisongadinana ny otrikarena "Bauxite" ao amin'ny faritr'i Manantenina.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMANDIMBY Tiana Heriniaina** ho Tale misahana ireo Malagasy am-pielezana sy ny resaka fifindra-monina eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RATOVOMALALA Mamy Roger** ho Masoivohon'i Madagasikara any *Royaume-Uni de Grande-Bretagne* sy *Irlande* Avaratra.

### MINISITERAN'NY FIOMPIANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa MAHAFALY Zambarany Berhier** ho Talem-paritry ny Fiompiana ao Atsimo Andrefana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1210 tamin'ny 5 mey 2026 manendry ny Talen'ny Serasera, ny Rafitra Fampahalalana ary ny Fanovàna nomerika ary manendry an-d**Ramatoa MANANTOANINA Lakoniaina Njaritoetra** ho Talen'ny Serasera, ny Rafitra Fampahalalana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1492 tamin'ny 10 jona 2026 manendry ny Talen'ny fandrindrana, ny tetikasa sy ny Fampiroboroboana ny Fiaraha-miasa ary manendry an-d**Ramatoa RAKOTONDRANDRIA Elihanta Mira Constance** ho Talen'ny fandrindrana Fiarahamiasa sy Fampiroboroboana ny tetikasa.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1402 tamin'ny 2 jona 2026 manendry ny Talen'ny vondrona misahana ny fanaraha-maso anatiny sy ny kalitaon'ny Tolotra ary manendry an'**Andriamatoa MAHEFASOA Zafimbololona Raphael** ho Talen'ny vondrona misahana ny fanaraha-maso sy ny Kalitaon'ny Tolotra.

### MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-083 tamin'ny 12 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa FANARENANTSOA Baba Seth** ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao amin'ny Faritra Atsinanana.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa KAJY Hantasoa Rosine** ho Talen'ny Voliandrano eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2014-580 tamin'ny 28 mey 2014 ary manendry an'**Andriamatoa RAMANANKAMONJY Guy Laurent** ho Tale Jeneralin'ny Tahiry Aina ho an'ny Fanatanjahantena sy Itsinjovana ny Tanora (DG/TAFITA) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

***Antananarivo, 28 aogositra 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eto anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***